


ALAHADY FIANAKAVIANA MASINA – TAONA A2019



Mifohaza ianao, ka ento ny Zazakely sy ny reniny

Ry Kristianina havamalala, mbola anatin'ny fankalazana ny noely isika ary mbola manakoako ny hiran'ny noely ka ankafaliana sy ankaravoana tokoa no anolorako ny fiarahabana sy ny firariantsoa ho antsika oloaraiky jiaby amin'izao alahady fankalazan'ny Fianakaviana Masina izao. Mirary soa ho antsika, EOV vita batemy ka hirahina fa indrindra amin'izao taona masina ny misiona izao hanirahana antsika miomana ny faha 100 taona FET sy ny kongresy eokaristika.

Miroso hatrany tokoa ny Dia, ny Teny tonga Nofo izay ankalazantsika izao ary ny Nofo tonga Mofo, ny Mofo tonga Aina ka mahatonga antsika tokoa entanin'ny ain'Andriamanitra izay mibaribary tamin'ny fankalazantsika ny noely. Aim-baovao entin'ny noely tokoa no entintsika hifampizarana amin'izao vanimpotoana fankalazana ny noely izao. Ary anatin'izany no hankalazan'ny Eglisy amin'ny

fomba manetriketrika ny fetin'ny fianakaviana masina ka tsy mahadiso raha miarahaba manokana ny fianakaviana rehetra isika amin'izao fankalazana izao na Kristianina isika na tsy Kristianina na mpivavaka na tsy mpivavaka fa fetin'ny fianakaviana tokoa ary ny mahamasina azy araky ny averimberintsika matetika dia satria eo anivon'izany fianakaviana izany ilay Masina dia tsy iza fa I JESOA mesia

ilay mpamony izay ankalazantsika tamin'ny noely nahatonga Azy Nofo eto anivontsika. Izany koa no mahatonga izao fankalazana izao manaraka ny noely ka tsara ary raha mba ho dinihintsika mba tsy ho fankalazana ety ivelany fotsiny. Ny fankalazana ho antsika dia sady fahatsiarovana no fibanjinana ary indrindra zary fiainana noho ny Fanahy masina. Masina ny fianakaviana tao Nazareta izay tsaroantsika manokana anio, dia tsy iza fa I Jesoa, Josefa sy Maria satria teo anivon'izy ireo ilay

**Vakiteny I : Ekleziastika 3, 2-6,
12-14**

Salamo : Sal. 127

Vakiteny II : Kôl. 3, 12-21

Evanjely : Mt. 2, 13-15.19-23

masina dia I Jesoa. Nanaiky hisafidy izany lèlana izany Andriamanitra, io no lahatr'Andriamanitra entiny hamonjeny antsika dia tsy inona fa raha naniraka ny zanany ho famonjena antsika Andriamanitra dia ny lèlan'ny fianakaviana no nankatoavina satria raha nahary antsika Andriamanitra hatramin'ny voalohany dia ny hitovy endrika aminy izay midika ho fitoviana endrika amin'ny Trinite masina. Izany no fianakaviana loharano sy modely dia Andriamanitra Trinite Masina. Andriamanitra Fitiavana sy famindrampo izay mibaribary amin'izao Noely izao araky ny fampianarana nataantsika. Raha misy takalo dia ilay takalo sarobidy izao takalo ataon'Andriamanitra amintsika satria raha resaka takalo no atao dia zavatra mitovitovy no atao takalo fa eto dia zavatra tsy mitovy mihintsy ka azo lazaina fa nanaiky ho resy Andriamanitra mba hampandresy antsika. Nanaiky ho tonga olombelona ny zanak'Andriamanitra mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra ary ao amin'ny fianakaviana no nosafidianan'Andriamanitra an'izany, ao no tanteraka ny lahatra sarobidy ka ny fianakaviana dia tena sarobidy tokoa amin'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny fianakaviana no lèlananofidian'Andriamanitra hamony antsika, niaina teo anivon'ny fianakaviana tokoa I Jesoa. Tonga olombelona, naterak'i Maria noho ny herin'ny Fanahy masina, niaina toa ny olon-drehetra, araky ny fampianarana tsy nanao sarisarin'olombelona Andriamanitra fa I Jesoa dia tena olombelona tokoa nefo tena Andriamanitra, izany no mahasarobidy ny takalo ary tao anatin'ny fiainakaviana tao Nazareta io no niainan'I Jesoa nandritra ny telopolo taona. Niaina tao anatin'ny fiainam-pianakaviana tanteraka I Jesoa ka hahitana ny toe-piainana rehetra hahafahantsika manahaka ny fiainan'ny fianakaviana masina izany. Mety milaza isika fa hafa ny fetin'ny fianakaviana masina, hafa isika. Marina izany fa nofidin'Andriamanitra ny fianakaviana mba hahafahantsika mandray an'I Jesoa ho modely amin'ny fiainam-pianakaviantsika.

Eto amin'ny diosezy misy ny vavaka voatokana ataantsika isaky ny Asabotsy dia ataovy miaraka amin'ny fianakaviana satria vavaky ny fianakaviana, voalaza amin'ny vavaka fanaantsika io amin'ny fanokanana ny fiainam-pianakaviana atao amin'ny fianakaviana masina mba ho senakla isika izany hoe toeram-pivavahana, mila mivavaka ny fianakaviana, ao ihany koa no ataantsika ho sekoly hanavaozana ny fiainana ny evanjely ka izany koa no mahatonga antsika amin'izao taona misiona izao hampirisihana mba handray ny baiboly hamaky ny tenin'Andriamanitra miaraka ny fianakaviana. Ho lavitra ny herisetra ary hivelatra ho an'ny hafa fa tsy hikombona ka hahitana ny fiainan'ny fianakaviana marina izany. Aoka ho dinihintsika tsirairay ireo mandrafitra ny fianakaviana tao Nazareta io : vavaka, fandalinan'ny Soratra Masina, fanompoana, fandraisana antanana, fankalazana... Hitantsika mifanojo amin'ny siny enina...

I Jesoa no zanaka tao amin'ny fianakaviana masina na dia Andriamanitra aza izy, manaja an'I Maria sy Josefa Ray amaan-dreniny tahaka ny hamafisin'ny vakiteny voalohany "Sitraky ny Tompo ny hanajan'ny zanaka ny rainy; ary nanorina ny fahefan'ny reny amin'ny zanany Izy. Izay manaja ny rainy manonitra ny fahotany; ary fanangonan-karena ny fanajana ny reny. Izay manaja ny rainy, hampifalian'ny zanany; ary hohenoina amin'ny andro ivavahany izy. Izay manaja ny rainy ho lava andro iainana, izay manaiky ny Tompo hanome fiononana ny reniny."

Niaina toy ny zaza rehetra anatin'ny fianakaviana nandritra ny telopolo taona ary nanomboka hita amin'ny evanjely rehefa feno 12 taona, izy izay nijanona tao an-tempoly tany Jerosalema niaraka nifandahatra tamin'ireo mpahay ny soratra masina. Enga anie mba ho toy izany koa ny zanantsika rehetra, handrafitra ny fiainana amin'ny Soratra Masina, hanao ny fandalinam-pinoana, izany ny sajoe faharoa amin'ny sajoe enina hiezahantsika ho fenoina. Nandalim-pinoana I Jesoa ilay

zanak'Andriamanitra, nandrafitra ny fiainana tamin'ny fivelomana ny Soratra Masina izany. Tsy mahagaga fa zanak'Andriamanitra izy fa ny lèlana nizorany no tsara asongadina eto ka iantsoana ny tanora rehetra. Matetika averimberiko, aoka isika amin'ny fahatanorantsika mba tsy hanaiky avezivezin'olona fanahy, tsy misy ny fahatanorana fa ny tanora no misy, tanora mitady izay handrafetana ny fiainany ka modely ho antsika I Jesoa ka haintsika tsara ny tantarany rehefa tany an'efitra izy voan'ny fakampanahy ka natao batemy dia lasa nandeha tao an-tempoly ary nanambara fa "Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo". Irintsika mafy ho an'ireo tanora maro ny ho toy izany, handray an-tànana ny fiainany miaraka amin'I Kristy izay efa nandresy ny fakam-panahy sy, tsy ny ampitso no handrafetana ny fiainankoavy fa androany ka aoka ho toy izany tokoa ny tanora ho vonona handrafitra sahadysy ny safidintsika ka hitondra fanantenana sy fiadanana. Fanantenana mitondra amin'ny hoavy ary fiadanana satria fantatra ny lèlankombana ary I Jesoa no lèlana sy fahamarinana ary fiainana ka ho antsika tanora indrindra amin'izao fankalazana ny faha 100 taona ny FET sy ny kongresy eokaristika. Aoka hararaontintsika ity fotoana ity, miainy dien'izao izay eritreretana mety ny hoavy fa tsy rahampitsosy ka aoka harafintsika dien'izao ny fanantenantsika ka hitondra antsika amin'ny tena fiadanana. Jereo ilay sary zaraina amintsika amin'ny Kofirmasio. Vanimpotoana lehibe amin'ny fianana ny kofirmasio. Feno 12 taona I Jesoa no tao antemply ka nilaza hoe "tanteraka io voalzan'ny Soratra Masina io". Io koa ny taona handresantsika kofirmasio matetika. Ny konfirmasio tokoa dia fanamasifana ny finoana, aza manaihy ho viravirain'olona ny fanantenanao fa omeo an'I Jesoa ilay tsy mivadika, ilay hany afaka manome ny fiainana.

Masina Maria dia ilay Reny mikolokolo tao amin'ny fianakaviana masina, reny mivavaka, reny manoro hevitra izay mahasoa ny zanaka. Aoka ho renim-pianakaviana manana ny toetra manaja ny aina sy ny fianakaviana ny reny rehetra, ho tahaka izay voalaza ao amin'ny vakiteny faharoa taratasin'~~I voalazan'i~~ Md Paoly: fifandeferana, fiaraha-mivavavaka, hanantateraka mandrakariva ny sitrapon'Andriamanitra ho mpanompo mahatoky." *Ry kristianina havana, olom-boafidin'Andriamanitra ianareo sady masina sy malala, ka mitafia famindram-po amam-piantrana, halemem-panahy amam-panetren-tena, fahamaotonana amampandeferana. Aoka hifandefitra sy hifamela heloka, raha misy manana alahelo amin'ny namany. Aoka ho tahaka ny namelan'ny Tompo heloka anareo no hamelanareo heloka ihany koa. Fa ambonin'izany rehetra izany, dia mitafia ny fitiavana, izay fehin'ny hatsaram-panahy rehetra.*" Ny sajoe voalohany sy fahatelo no azontsika hibandinana amin' Masina Maria, satria mivavaka izy ary mikatroka tokoa ka modely ho antsika.

Toy izany koa I Md Josefa izay rain'ny fianakaviana masina, modely satria ohatra amin'ny fitiavambavaka sy ny fitiavan-janaka, fantantsika ny fiarovany an'I Jesoa, nentiny tany Ejipta izy ireo hiarovana ny famonoan'I Heroda ny ankizy rehetra latsaka roa taona. Fantantsika koa ny fiarovany an'I Masina Maria raha nampakatra azy mangingina izy rehefa nahafantatra fa mitoejaza izy ary nohamafisin'ny anjely tamin'ny alalan'nynofy tamin'I Josefa fa zanak'ilay avo noho ny herin'ny Fanahy masina ny tao ambohok'I Maria, nanana fahatokisana an'Andriamanitra izy. Marina fa tsy maro ny voalaza mikasika an'i Md Josefa ao amin'ny evanjely fa azo itokisana izy satria Ray nitaiza an'I Jesoa ka modely ho an'ny Raim-pianakaviana, miasa izy ary nampianatra an'I Jesoa ny asa satria fantatra amin'ny maha mpandrafitra azy koa I Jesoa.

Ho antsika raim-pianakaviana, aoka ho modely ho an'ny zanantsika isika ka hanampy azy ireo, hahatsapa ka hahatonga azy hisafidy ny tena izy eo amin'ny fiainana mba hahafantara ny soa tohavina eo amin'ny fiainana, hanana ny halemem-panahy, hanana ny fitiavam-bavaka, hizotra

amin'ny fifankatiavana ka izany indrindra ry Kristianina havana, milaza miaraka mahita isika fa marary ny fiainam-pianakaviana amin'izao, maro ny tratry ny aretina mikiky nefo ny fiainakaviana no harena sarobidy amin'Andriamanitra. Ny fianakaviana dia harena, hatramin'ny voalohany no napetraka ho loharano sy fototra amin'ny fianakaviana nefo ankehitriny maro no mitady hanapotika ny fianakaviana faindrinda rehefa manaraka ny aina amanjery isika ka izany no anentanana antsika sy amporisihina amintsika amin'izao taona masina ny misiona izao hiverina amin'ny tena fototra ny fiainana dia ny fianakaviana satria ny fianakaviana no misionera voalohany, ny ankizy misioneran'ny ankizy, ny tanora misioneran'ny tanora ary ny fianakaviana no misionera ho an'ny fianakaviana ka mila vavaka ny fianakaviana.

Ampirisihina isika fianakaviana hivavaka rehefa asabotsy amin'ny taona misiona izao.

Ry Jesoa Tompo ô, ry fianakaviana masina tao Nazareta, enga anie izao taona masina ny finoana izao mba hamohafoha ny olona rehetra ny fahatsapana fa masina ary tsy azo korontanina ny maha-fianakaviana ny fianakaviana ary hamohafoha ny fanajana farantampony araky ny fandaharan'Andriamanitra ny fianakaviana tsirairay ary angatahintsika ny tsodranon'Andriamanitra amin'izao andro izao.

Ry Jesoa, Josefa sy Maria henoy ny vavakay, ekeo ny vavakay ary hivavahanay manokana ireo anatin'ny fahasahiranana maro isankarazany na ara-panahy na ara-nofo, ao ireo izay tsy afaka miroso amin'ny resaka tokantrano noho ny antony maro samihafa, herezo izy hifikitra aminao ho mpiaro ny fianakaviana na tsy afaka hiroso amin'ny mariazy fa ny fiombonana aminao no loharanom-pamonjena, aoka ianao hahita vahaolana ho an'ny fianakaviana tsirairay ka ny tsodranonao hitantana ho anay mianakavy amin'izao fankalazana ny taona masin'ny Misiona izao ka ho fianakaviana misionera anie ny fianakavianay rehetra, ny fianakaviana no ho misioneran'ny fianakaviana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson